



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fitavane - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA  
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2020**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FITANANA AN-TSORATRA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-55

**LANONAM-PANOKAFANA NY FIVORIANA  
ARA-POTOANA VOALOHAN'NY  
ANTENIMIERAMPIRENENA, TAONA 2020**

Fivoriana voalohany  
Natao ny  
Talata 5 Mey 2020  
- Tolak'andro -

## **FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** Andriamatoa isany: - RASOLONJATOVO Honoré  
- RABENIRINA Jean Jacques

**FOTOANA:** Talata 5 Mey 2020, tamin'ny 3 ora sy 30 minitra, tolak'andro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Lanonam-panokafana ny fivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena, taona 2020.

- 1 -

- Fitohizan'ny fivoriana -

-Lakolosy-

### **Ramatoa FILOHA**

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Miarahaba antsika rehetra tonga manatrika izao lanonam-panokafana ny fotoam-pivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena amin'ity taona 2020 ity izao.

langaviana ny Mpitantsoratra hamaky ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana.

- 2 -

- Famakiana ny andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana -

### **Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques**

Andininy faha-75 ao amin'ny Lalàmpanorenana: Mivory ara-potoana indroa isan-taona ny Antenimierampirenena. Ny faharetan'ny fotoam-pivoriana isanisany dia ferana ho enimpolo andro.

Manomboka ny Talata voalohany amin'ny volana Mey ny fotoam-pivoriana voalohany ary ny Talata fahatelo amin'ny volana Oktobra kosa ny fotoam-pivoriana faharoa izay atokana indrindra amin'ny fandaniana ny lalàna mifehy ny fitantanam-bolam-panjakana. Vita Ramatoa Filoha.

- 3 -

- Fampafahantarana ny antony nanaovana ny fivoriana ivelan'ny Lapan'ny Antenimierampirenena -

### **Ramatoa FILOHA**

Misaotra, Andriamatoa Mpitantsoratra.

Tompokolahy sy Tompokovavy, noho ny amehana ara-pahasalamana lalovan'ny firenentsika izao dia nisy didim-panjakana laharana faha-2020-457 tamin'ny faha-2 Mey 2020,

manambara ampahibemaso ny fahamehana ara-pahasalamana manerana ny Repoblikan'i Madagasikara sy araka ny voalazan'ny andininy faha-3 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena izay nahazoana fankatoavana avy amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana, laharana faha-16-HCC/D3 tamin'ny 5 Septambra 2019 izay milaza toy izao:

«Ao amin'ny Lapan'ny Tsimbazaza no mivory ny Antenimierampirenena; na izany aza rehefa misy antony manokana dia azo afindra any amin'ny toerana hafa eto amin'ny firenena izany, avy amin'ny fanapahan-kevitra ny Birao Maharitra. Tsy azo idirana ankeriny ny toeram-pivorian'ny Antenimierampirenena». Koa nisy ny fivorian'ny Birao Maharitra natao omaly Alatsinainy 4 Mey 2020, tamin'ny 10 ora, maraina, izay nanapakevitra ny hanaovana ity fivoriana ara-potoana ity ivelan'ny Lapan'ny Antenimierampirenena-Tsimbazaza ho etỳ amin'ny CCI Ivato. Izany no natao dia mba ahafahana manaja ireo fepetra ara-pahasalamana voalazan'ny didim-panjakana etsy ambony.

- 4 -

**- Kabarin-dRamatoa Filohan'ny Antenimierampirenena -**

**Ramatoa FILOHA**

Andriamatoa Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta,  
 Andriamatoa Filoha Lefitry ny Antenimierandoholona,  
 Andriamatoa Filohan'ny Komitin'ny Fampihavanana Malagasy,  
 Andriamatoa Filohan'ny Filankevitra Ambony miaro ny Demokrasia sy ny Tany Tan-dalàna,  
 Ramatoa Filohan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena Miahny ny Zon'olombelona,  
 Andriamatoa sy Ramatoa isany Minisitra mpikambana ao amin'ny Governemanta,  
 Andriamatoa sy Ramatoa isany mpikambana ao amin'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena,  
 Andriamatoa sy Ramatoa isany Solombavambahoakan'i Madagasikara, namana hajaina,  
 lanareo olona manan-kaja ambony sivily sy miaramila izay tonga manatrika etoana,  
 lanareo mpandraharaha namana mpiara-miasa ato amin'ny Antenimierampirenena,  
 lanareo mpanao gazety avy amin'ny haino aman-jery,  
 Ao ihany koa ny tompon'ny toerana izay tsy azo hadinoina.

Tompokolahy sy Tompokovavy,  
 Manam-pofona tsy re hanitra ankehitriny ny tanàna, mihiboka fa ao ireo tsy maintsy miasa.  
 Moa va tsy izany indrindra no iainan'ny Solombavambahoaka amin'izao fotoana izao, noho ny faneren'ny Lalàmpanorenana azy dia miasa handray ny adidy.

Noteren'ny zava-misy koa izahay, ka tsy maintsy mamindra toerana izao fotoam-pivoriana izao satria misy ny antony manokana.

Isaorana eto arak'izany ny fitondram-panjakana izay tarihin'ny Filoha hajaina, Andry RAJOELINA, ny Praiminisitra, ny Minisitra tomponandraikitra, ny ao amin'ny fahefana mpanatanteraka dia isaorana eto tamin'ny nanomezany izao toerana izao sy ny fanampiana rehetra hanatontosana antsakany sy andavany ity fotoam-pivoriana ity; na toy inona anefa, na manao ahoana ny zava-miseho, heverina fa ny hasina sy ny arahaba dia tsy maintsy atolotra ny andriam-panana azy hatrany. Toy izany, etsy andaniny ny fisaorana sy fankasitrahana ho anareo rehetra mpanotrona.

Koa arahabaina, Tompokolahy sy Tompokovavy, afaka mifanatri-tava soa aman-tsara isika rehetra. Arahabaina ianareo sy isika Solombavambahoaka tonga ara-potoana manatrika izao fotoam-pivoriana izao ary entintsika am-bavaka ireo namantsika izay mbola any an-dalana, mbola raikitra noho ny fihibohana izay tsy azo ivalozana.

Amin'ity indray mitoraka ity ary noho ny zava-misy eto amin'ny tany sy ny firenena dia ampirimintsika kely angamba ny sasin-teny sy ny hain-teny mahazatra satria ataoko, fa tsy mifanandrify amin'izany izao vanim-potoana lalovan'ny firenena izao.

Miatrik'ady tokoa isika amin'izao fotoana izao ary ny fahavalo dia tsy hita maso. Maro anefa ireo mpiray tanindrazana sy mpiantafika efa any antanin'ady ary lohalaharana mihitsy. Hatokantsika ho azy ireny aloha ny fanomboan-dahateny satria mendrika loatra izany.

Amin'ny anaran'ny Solombavambahoakan'i Madagasikara manontolo sy ny Antenimierampirenana izay tarihinay no anolorana fisaorana sy fankasitrahana manokana ho anareo mpitsabo rehetra, mpitsabo mpanampy, ny "agents communautaires", ny avy amin'ny IMRA, ny Solombavambahoaka, ny Tafika iray manontolo, ny Miamamila, ny Zandary, ny Polisy, ny mpilatsaka antsitra-po, ny rafitry ny Fokontany sy ny "secteur" ary ny komity Loharano, ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana rehetra, indrindra ireo Governora, ireo fikambanana isan-karazany nahafoy nizara sy ny sisa tsy voatanisa.

Hamaranako azy, satria ny vody hena tsy miainga aloha, ianareo Raiamandreny am-panahy mivondrona ao amin'ny FFKM sy ireo fiangonana maro izay mitondra ihany koa ny fanohanana.

Ianareo rehetra ireo, Tompoko, no ianteheran'ny vahoaka Malagasy tsy ankanavaka; manomboka amin'ny Filohampirenena izany ka hatrany amin'ny madinika indrindra. Ankoatran'ny fanomezana torolalana izay niainga avy tany amin'ny Filohampirenena sy ny CCO; ianareo ireo, izay manao ny ainareo tsy ho zavatra, mba hiarovana ity firenena ity. Marina fa mbola tsy resy ny fahavalo ary mbola tena ao anatin'ny ady isika saingy ny azo ireharehana kosa, mbola tsy nisy aina nafoy hatreto noho ny tsimok'aretina "Coronavirus". Koa mankahery anareo hatrany, Tompoko, tohizo ny ezaka fa ny Tompo Jesosy homba anareo.

Mikasika ny asa atao amin'izao fahamehana ara-pahasalamana izao, maro tokoa ny ezaka ataon'ny fitondram-panjakana, ka anterina hatrany ny fisaorana sy fankaherezana azy. Tsapa anefa, indraindray, fa tokony hatsaraina ny fandrindrana ny andraikitra ny tsirairay ao anatin'ny fanatanterahana izany asa izany.

Ny Solombavambahoaka dia mpikambana feno ao amin'ny "Cellule Stratégique" amin'ny CCO any anivon'ny Distrika ary anisan'ireo mpanapaka tetikady sy tetikasa rehetra ampiarina amin'ireo asa rehetra atao eny anivon'ny Distrika. Izay ohatra no nampisy ny fikaonandoham-paritra natao tany Fianarantsoa tamin'ny Zoma 1 Mey 2020 lasa teo, ho fanatsarana ny fomba fiasa. Nahitana vokatra tsara izany satria nahafahana nametraka fanamby sy fomba fiasa vaovao niaraka tamin'ireo tomponandraikitra rehetra tany amin'io Faritra io. Tsara alain-tahaka io fomba fiasa io mba hampirindra tsara ny asa amin'ny Solombavambahoaka sy ny Mpanatanteraka any amin'ny Faritra. Iray ihany ny fahavalo ary io no handresena ny "Coronavirus" ka ilaina ny fifandrombonana satria ny entan-jaraina, hono, mora zaka.

Raha ny hita, ny eo tsy lavo kanefa ao sahadry no efa vonon-kitranga. Fahavalo mila resena avokoa ireo. Anisan'izany ny aretina "Dengue", ny tazomoka ary aoka tsy hadinoana, fa mila tohizana hatrany ny ady amin'ny hanoanana, fa io aloha izao no mbola mamono olona betsaka hatreto. Tsapa fa tototra tokoa ianareo ao amin'ny Minisiteran'ny Fahasalamana amin'izao fotoana izao. Maro ny asa sahaninareo, babay sy lohavohitra rehetra, koa mankahery anareo, Tompoko. Fantatra tokoa ny adidy goavana sy miavosa miandry anareo ankehitriny. Noho izany, manome toky izahay Solombavambahoaka, fa hifanampy sy hifanome tana anareo amin'izay mifanandrify anay sy azonay atao.

Raha ny antsika vahoaka Malagasy kosa, nahitana zavatra maro nandritry ny fampiharana ny famehana ara-pahasalamana. Maro ireo mimonomonona lalandava ka tsy misy mahafa-po azy izay ataon'ny fanjakana rehetra, fa tsikeraina avokoa. Noho ny fahasahiranana mahazo mifaka lalina loatra angamba no anton'izany. Koa manentana izahay, ekeo ihany, Tompoko, ny fandaminana sy ny toromarika omena mba ahafahantsika mivoaka haingana amin'ity tsy fivoahana ny trano ity ary ahafahana ihany koa mandresy ity "Coronavirus" ity.

Mipetraka ihany koa ny fanontaniana hoe: mbola misy olo-marina sy azo itokisana ihany ve eny anivon'ny fiarahamonina eny sa efa lany tamingana satria tsapa sy hita fa misy ny fanampiana voahodinkodina araka ny fitarainana heno. Koa entanina isika vahoaka mba hiditra amin'ireny fikambanana maro samihafa ireny ary indrindra mba hisoratra anarana any amin'ny Fokontany mba ahafahana manamarina ny mombamomba ny tsirairay sy mba hanamorana ny fizarana ny fanampiana.

Farany, mampalahelo fa afangaron'ny sasany amin'ny politika hatrany izay fepetra rehetra raisina kanefa fahavalo iraisana ny aretina ary tsy hita maso. Mahonena tokoa ny mahita ireo olona milahatra vao mangiran-dratsy, mivezivezy etsy sy eroa mitady izay anjarany, kanefa mbola mody maina ny sasany indraindray. Mila amboarin'ny tomponandraikitra izany fomba fiasa izany ary atao tsara ny fandaminana satria azo tanterahana izany na dia fantatra aza fa tsy mora ny manao zavatra. Ireo rehetra ireo no manamarina ny tenin'ny Filohampirenena manao hoe: ny toe-tsaina mihitsy no tokony hovaina vao hahomby isika. Mety hieritreritra isika eny an-toerana eny hoe aiza ny toeran'ny Filohan'ny Repoblika hajaina, Andry RAJOELINA, satria toa nasesy taloha teo ny mikasika ny resaka Filohampirenena. Koa mamela ahy ianareo hitodika manokana amin'ny fihetsika sy fanapahan-kevitra ary asa mendrika maha te-hidera notontosain'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika izany.

Nisy lafitsarany ihany ity "covid-19" ity satria nahoana; nanaitra ny hambom-pon'ny mpikaroka Malagasy ary ny hambom-pon'i Afrika iray manontolo izany ary isika Malagasy izay tarihin'Andriamatoa Andry RAJOELINA, izay fantatsika loatra ny hambom-pony amin'ny fitiavany ny firenena.

Izy no nitarika izany taty Afrika; na maro aza ny nanakivy sy nitsikera azy teny antsefatsefam-potoana teny, tsy nahasakana azy izany. Hanana vina sy hikatsaka ny vahaolana mialohan'ny firenen-drehetra, ka lasa aloha hatrany izy na tamin'ny fisorohana izany na tamin'ny paikady. Porofon'ny mitohoka amin'ny tenda ny vokatra "covid organics" na CVO. Midera azy ankehitriny izay te-hanova fomba fijery sy ny tantara rehetra, indrindra eto Afrika. Raha izao zotran'ny tantara izao dia tsy maintsy ho lohany aty Afrika tokoa i Madagasikara fa tsy ho nofinofy intsony. Hotanteraka ankehitriny eto amin'ny firenentsika, noho ny ezaka izay nambara teo, hotanteraka ny voalazan'ny soratra masina ao amin'ny Deotoronomia toko faha-28 andininy, faha-13 manao hoe: "Dia hataon'i Jehovah ho lohany ianao fa tsy ho rambony" ary efa tanteraka sahadry ihany koa ny voalaza ao amin'io soratra masina io ihany, izay hita ao

amin'ny andininy faha-12 tapany b manao hoe: “ary hampisambotra firenena maro ianao fa ianao kosa tsy hisambotra”. Vavolombelon'izany ireo firenena Afrikana maro izay efa mitodidoha aty amintsika mangataka fanampiana, ny mividy, ny hanomezana an'izany fanafody izany. Tsy mbola lavitra fa vao haingana dia efa tonga teto ny firenena Afrikana mirahalahy avy.

Tompokolahy sy Tompokovavy, ajanona eo aloha ny amin'iny, izay sady mahafaoka ny raharaham-pirenena ihany koa.

Izao kosa, hidirantsika ny mikasika ny asa miandry ny Antenimierampirenena amin'ity fotoam-pivoriana ity sy ny fomba hiatrehana izany.

Hodinihana amin'ity fotoam-pivoriana ity ny tetibolam-panjakana hasiam-panitsiana na ny LFR izany. Efa vonona ihany koa ny volavolan-dalàna laharana faha-010/2019 mikasika ny “Agriculture Biologique à Madagasikara” tamin'ny 28 Novambra 2019. Ao ihany koa ireo vary mangatsiaka toy ny “ratification”-n'ireo “ordonnances” izay mbola ifandresentsika lahatra amin'ireo namana ao amin'ny Antenimierandoholona, toy ny volavolan-dalàna laharana faha-001/2020 tamin'ny 26 Febroary 2020.

Manarak'izany, noho ny fahabangan-toerana misy ao amin'ny CENI dia hataontsika vaimodohan-draharaha ihany koa ny fifidianana izay hasolo ny banga mba ho vita ny adidy manandrify izany. Hisy koa fihaonana hataontsika amin'ny masoivoho sasany, toy ny masoivohon'i Alzeria izay hifampizarany amintsika Solombavambahoaka ny tantaran'ny fireneny, indrindra ny tolona nataon'izy ireo tamin'ny nahazoany ny fahaleovatenany tena izy. Ao koa ny fihaonana amin'ny seha-pamokarana tsy miankiana avy eto an-toerana mikasika ny ranon-jezika.

Tompokolahy sy Tompokovavy, heveriko fa fotoana hidirana amin'ny famaranana ny lahateny izao. Koa eto am-pamaranana, ny hafatra tiana hapetraka dia izao no fotoana tokony hanaporifoana sy hamerenana indray ny soatoavina Malagasy. Anisan'izany ny fihavanana sy ny fifanampiana ary ny firaisankina.

Mikasika izay fihavanana izay indrindra, hatokako manontolo ho antsika Solombavambahoaka ny hafatra: tsarovy fa miandrindra ny fahendrentsika ny Malagasy, indrindra ny any amin'ny Distrika tsirairay avy niaviansika sy nahalany antsika ireto; koa raha misy ny hevitra na anton-javatra mampifanolana, aleo mifanatona fa aza avela hiotrika ela ny alahelo na ny fahatezerana satria miteraka fery izany. Koa indramiko eto ihany koa ny voasoratra ao amin'ny tenin'ny soratra masina, ao amin'ny Filazantsaran'ny Masindahy Matio, toko faha-5, andininy faha-25 manao hoe: mihavana faingana amin'ny manana olana aminao raha mbola miara-dia aminy ianao.

Izay no ela, Tompokolahy sy Tompokovavy, teny omena izany koa atsipy ho antsika tsirairay hieritreretantsika.

Ny tena hamaranako ny lahateny dia ho hafa tsy toy ny mahazatra ny ho fiasantsika Solombavambahoaka amin'ity indray mitoraka ity. Koa mampirisika antsika ho tonga hatrany mba haharaka ny fandaminana ary mazava ho azy fa ampirisihina ny fahavitrihana sy ny fahazotoana. Mipetraka amin'ny tantaran'ny Antenimierampirenena sy ny firenena izao fivoriantantsika izao, amin'ny toerana manara-penitra sy manan-kaja toy itony.

Manantitrantitra ny fisaorana ny fahefana Mpanatanteraka amin'ny nahafazanareo sy nanomezanareo anay izany toerana izany, mba hanefana ny asa izay iantsoan'ny tanindrazana anay Solombavambahoaka tsiarairay avy.

Nampitondra fialan-tsiny ny Solombavambahoaka sasany, ireo namana izay tsy tonga arapotoana androany noho ny zava-misy iarahantsika mahalala eto amin'ny firenena. Entintsika am-bavaka izy ireny mba ho tonga soa aman-tsara. Mamerina ny fisaorana antsika rehetra ary isaorana sy tsy hadinoina ny tompon-trano izay mampian-trano anay ary ny tomponandraikitra ao amin'ny Governemanta izay nanokatra ny varavarana. Samia ho tahir'Andriamanitra, Tompoko.

Mankasitraka Tompokolahy,  
Mankatelina Tompokovavy.

- Tehaka -

Ambarako ary fa misokatra amin'ny fomba ofisialy ny fivoriana voalohany ara-potoanan'ny Antenimierampirenena amin'ity taona 2020 ity.

- 5 -

- Fiatoan'ny fivoriana -

#### Ramatoa FILOHA

Ampahafantarina antsika Solombavambahoaka eto ny fandaharam-potoana; rahampitso amin'ny 9 ora, maraina, ety amin'ny CCI Ivato ihany ny fivorian'ny Birao Maharitra. Amin'ny 10 ora, maraina, ny "Conférence des Présidents" ety an-toerana ihany; amin'ny 11 ora sy sasany, atoandro, kosa ny fivoriambe ato amin'ity efitra lehibe ity, ahafahantsika mandany ny lahadinika hatrehintsika; rahampitso Alarobia 6 Mey 2020 izany rehetra izany.

Koa izay aloha ny fandaharam-potoana azo aroso. Rahampitso isika no hahafantatra izay fandahara-potoana mitohy amin'ny asan'ny Vaomiera Maharitra.

Misaotra indrindra, Tompoko.

Niato tamin'ny 4 ora, tolak'andro, ny fivoriana.

- Tehaka -

- Lakolosy -



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona